



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tenindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-200

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY ALATSINAINY 13 JONA 2022
KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 20 JONA 2022, VOKATRY NY FIVORIAN'NY DINIKY NY FILOHA

Fivoriana Faha-12
Natao ny
Alatsinainy 13 Jona 2022
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah

FOTOANA: Alatsinainy 13 Jona 2022, tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alatsinainy 13 Jona 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 20 Jona 2022, vokatry ny fivorian'ny Diniky ny Filoha.

Nitohy ny Alatsinainy 13 Jona 2022, tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary niangavy ny Mpitantsoratra, hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny «Conférence des Presidents».

Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIAN'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALATSINAINY 13 JONA 2022

Nivory ny Alatsinainy 13 Jona 2022 nanomboka tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana. (cf fiche de présence)

Fiarahabana ny Birao Maharitra, ireo Filoham-baomiera, ireo Filoha sy ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha Mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alatsinainy 13 Jona 2022 nanomboka tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory sady nitondra fanovàna vitsivitsy tamin'izany volavolam-pandaharam-potoana izany.

Ankoatr'izay, nanambara ny «Conférence des Présidents», fa raha vao tafapetraka soa aman-tsara ao amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena ny Volavolan-dalàna Fanitsiana ny Tetibolam-panjakana na ny ny "Loi de Finances Rectificative" dia ampidirina avy hatrany amin'ity fandaharam-potoana ity. Amin'izay fotoana izay, mety hiova ny firafitr'izao volavolam-pandaharam-potoana izao.

Toy izao ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents», ka handraisana fanapahan-kevitra farany mandritra ny fivoriambe hatao ny Alatsinainy 13 Jona 2022 manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro.

(jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Lundi 13 Juin 2022** au **Lundi 20 Juin 2022**

LUNDI 13 JUIN 2022

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent (*Salle BP*)

11H 30 : Conférence des Présidents-(*Salle BP*)

15H 00 : SEANCE PLENIERE-(*Salle des séances*)
-Adoption de l'ordre du jour

MARDI 14 JUIN 2022

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

-Commission du Commerce et de la Consommation (Saisie au fond)

-Commission de la Santé Publique (Saisie pour avis)

-Commission Juridique (Saisie pour avis)-(*Salle BP*)

Proposition de loi n°03-2019/PL relative à la Production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par Monsieur le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée nationale. (2^{ème} lecture).

15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS

-Commission des Ressources Stratégiques (Saisie au fond)

-Commission des Finances et du Budget (Saisie pour avis)- (*Salle BP*)

Travaux avec:

-la Chambre des Mines de Madagascar

-la Fédération des Associations, Groupements, Coopératives des Mines et Professions connexes

-la Fédération des Opérateurs Miniers Nationaux

-le Syndicat professionnel Minier de Madagascar-(**Présentiel et visioconférence**)

MARDI 14 JUIN 2022

15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission du Genre et du Développement** (*Saisie au fond*)
- Commission de la Population et de la Protection Sociale** (*Saisie pour avis*)
- Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales** (*Saisie pour avis*)
- **Commission Juridique** (*Saisie pour avis*) - (*Salle des séances*)

PROPOSITION DE LOI n°007-2021/PL du 17 novembre 2021 sur la participation des femmes aux postes de décision, présentée par Madame RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Députée de Madagascar élue dans le District d'Ambatofinandrahana (**2^{ème} lecture**)

SEANCES PLENIERES-(Salle des séances)

MERCREDI 15 JUIN 2022

10H 00: -PROPOSITION DE LOI n°006-2021/PL relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar, présentée par Madame Eléonore JOHASY, Députée de Madagascar élue dans le District de Vangaindrano, Présidente de la Commission Evaluation des Politiques Publiques et consorts.

15H 00: Rapport de mission: Travaux de la Commission de l'éducation, de la Communication et des Affaires Culturelles (CECAC). Travaux du Réseau des femmes parlementaires et du Réseau des jeunes parlementaires Papeete (Polynésie française), du 19 au 22 avril 2022 par la déléguée de l'Assemblée nationale.

Rapport de mission: Réunion intersessionnelle de la Commission des Affaires Parlementaire de l'Assemblée Parlementaire de la Francophonie (APF) du 23 au 24 Mai 2022 (Bruxelles).

Rapport de la Commission sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ):
(Etat de la Procédure)

JEUDI 16 JUIN 2022

10H 00: -PROPOSITION DE LOI n°007-2021/PL du 17 novembre 2021 sur la participation des femmes aux postes de décision, présentée par Madame RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Députée de Madagascar élue dans le District d'Ambatofinandrahana (**2^{ème} lecture**).

11H 00: Rapport de mission: 51^{ème} Assemblée plénière du FP SADC du 22 avril au 02 mai 2022 à Johannesburg présenté par les membres de la délégation.

15H 00: -PROPOSITION DE LOI n°03-2019/PL relative à la Production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par Monsieur le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée nationale. (**2^{ème} lecture**).

LUNDI 20 JUIN 2022**10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent.** (Salle BP)

- TOVANA -

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
01	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
02	RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
03	MHELIHANTA Jocelyne	Vice-Président
04	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Président
05	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
02	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
03	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
04	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
05	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
06	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
07	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth	IRD
08	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD

09	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
10	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	IRD	VELONTSARA Paul Bert
2	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMALONA

Représentant du Gouvernement:

Yamicole Franckline

Rehefa izany, niditra tamin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory, avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore. Nanamarika mikasika ny «travaux des commissions» izay hotanterahina ny Talata 14 Jona 2022 ny tenany; nambarany fa araka ny tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» dia hatao ato amin'ny «salle des séances» ny asam-baomiera. Ny voasotra ato amin'ny volavolam-pandaharam-potoana anefa, any amin'ny «salle BP» indray no hanaovana azy. Aiza no tena hanatanterahana azy, hoy ny tenany.

Niangavy ny Mpitantsoratra koy izy, mba hanitsy ny anaran'Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa satria misy diso izany.

Nankasitraka amin'ny hamerenana ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL «relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar», izay hotanterahina ny Alarobia 15 Jona 2022, izay izy ihany no nanolotra azy. Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra mba ho tonga maro hanatrika ny fivoriana koa ny tenany. Nohamafisiny, fa asa iandraiketan'ny Solombavambahoaka ny fanaovana tombana, ka tokony ho tonga hivory hatrany izy ireo mba tsy hataon'ny olona anton-dresaka tahak'izay nitranga tamin'ny herinandro lasa teo.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa marina ny fanamarihana teo fa tokony hatao ato amin'ny «salle des séances» ny asam-baomiera amin'ny Talata 14 Jona 2022, fa noho ny mahasarotra ny lafin'ny ara-teknika mikasika ny «installation» amin'ny fanaovana ny «visioconférence» no namindrana azy any amin'ny «salle BP», satria ao no moramora anaovana fivoriana ampitain-davitra.

Rehefa izany, nandray fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nambarany fa manara-maso ny asa ataon'ny fitondram-panjakana no asan'ny Antenimierampirenena; tokony hanao izany isika raha ny «loi de finances initiale» nolaniana tamin'ny volana Oktobra lasa iny no jerena. Izay no asa voalohany.

Faharoa, asantsika ihany koa no manao lalàna mifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka rehetra ary isika ihany koa no mandrindra ny lalàna mety kokoa ho an'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy.

Nambarany, raha ny tokony ho izy, apetraka ny «commission d'enquête» mba ahafahana mampita any amin'ny vahoaka hoe tena miasa marina ve ny fanjakana mitondra amin'izao fotoana izao sa tsia. Maro no te-hahafantatra an'izany satria amin'izay, mba hanatsarana ny fomba fiasan'ny fanjakana sy hanamarinan'ny Solombavambahoaka fa miasa tokoa ny fanjakana mahefa amin'izao fotoana izao, mba hialana amin'ny disadisa any amin'ny vahoaka tsy mandady harona. Apetraka ny «commission d'enquête» mba ahafantarana hoe izao marina no zava-misy.

Nametrahany fanontaniana koa ny momba ny hoe: inona no tsy hanaovana izany «commission d'enquête» izany, inona no antony tsy nahatafiditra ny tolo-dalàna natolony, fa ny hafa taoriana indray no tafiditra mialoha. Tsy fanankianana, fa fanatsarana ny fomba fiasantsika satria maromaro izahay no nanao sonia an'izany tolo-dalàna izay. Raha hisy ny «loi de finances rectificative», asantsika koa ny mandany izany satria izay no iainan'ny firenena Malagasy.

Mialatsiny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ianao no eto; tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, izahay no nahazo «sms» hoe mivory ny Solombavambahoaka amin'ny 3 ora, tolak'andro. Mba amboary izany, fa tsy mety satria sarotra izany.

Isika samy isika ihany no manao antsika an'izao, ka amin'ny fomba ahoana no hiraharahian'ny Mpanatanteraka antsika. Ny findainay mbola amin'izy, ny anay aza mety ho elaela kokoa vao voaray ny «sms». Tsy mety izany, fa isika ihany no manambany antsika amin'izany zavatra izany.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivorina, fa teny nomena ho an'ny manam-panahy ny voalaza teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, nambarany fa hamaly ny teny nataon'ny Solombavambahoakan'Antanifotsy teo ny tenany: efa tamin'ny taona 2021 no nangatahany sy ny Solombavambahoaka miaraka aminy ny hametrahana «commission d'enquête». Efa tafiditra tamin'ny fandaharam-potoana tamin'ny taona 2021 no saika hanaovana izany kanefa voatery nijanona tany ivelany nandritra ny 5 volana ny tenany noho ny fisian'ny valan'aretina "coronavirus", ka tsy nisy sidina mihitsy. Raha ny marina tokony hiditra amin'izao fotoam-pivoriana izao ny fametrahana an'io "commission d'enquête" io.

Nomarihany koa, fa tsy nahazo «sms» ny tenany tamin'ny fotoana nanaovana «Conférence des Présidents». Efa hanomboka ny fivoriana vao nisy niantso hoe hanomboka ny «Conférence des Présidents». Notsiandriany, fa anisan'ny Solombavambahoaka mazoto mivory izy kanefa tsy nahazo «sms» mitovy amin'ny olona rehetra.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa manatrika izao fivoriana izao, Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, ka samy handray ny tandrify azy na izahay mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra na ny «Administration». Nambarany fa voaray ny fanankianana voalaza.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore; nomarihany fa tokony hisy fanatsarana ny fomba fiasa ary raha ny tamin'ny Alakamisy lasa teo; maro ny Solombavambahoaka no tsy nahalala hoe «séance plénière» ve no hatao sa asam-baomiera. Tokony harahina ny voalazan'ny andininy faha-77 na faha-78 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena hoe: rehefa misy “proposition de loi” na “pojet de loi” na «projet de résolution» dia tokony hampidirina ao amin'ny fandaharam-potoana izany. Noho izany, manamafy ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka teo aloha amin'ny hampidirana ireo zavatra voatanisa teo aloha ho ao anaty fandaharam-potoana mba hodinihana satria iankinan'ny ain'ny firenena ny sasany amin'ireo. Ohatra amin'izany, ny fandanium-bola, ny fiakaran'ny vidim-piainana. Izany hoe, mila apetraka tsara ny hasin'ny amin'ny Antenimierampirenena ary tokony hanana fandaminana isika araka ny voalazan'ny lalàna.

Namaly ny fanamarihana teo, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nambarany fa misy fahabangana ny tsy maha eo intsony ny Lehiben'ny Sampandraharaha teo aloha. Tokony hiezaka ny olona mandimby azy amin'izay miverina, toy ny taloha ny fomba fiasa amin'ny fifandraisana amin'ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nambarany fa tokony hisy «indemnité de transport» mba ahafahan'ny Solombavambahoaka rehetra manao fety any amin'ny Distrika nahalany azy avy satria efa ela izy ireo no tsy nanao fankalazana ny fetim-pirenena tany aminy.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ho avy tsy ho ela toy ny volan'ny CNaPS izany hoy ny oha-pitenenana.

Nanamafy amin'ny tokony hanatsarana ny fandefasana «sms», Andriamatoa EDIZARD raha nandray fitenenana. Nanamafy ny koa ny tenany, fa mbola tsy naharay izany hatramin'izao. Nomarihany koa, fa misy koa fahataran'ny fandefasana «mail» amin'ny asa tokony hatao. Izany hoe, mila fanatsarana ireo zavatra roa ireo.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory. Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 13 Jona 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 20 Jona 2022.

Tsy nanan-kambara ny solotenan'ny Governemanta raha nomena fitenenana, taorian'ny fahalanian'ny fandaharam-potoana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Talata 14 Jona 2022, manomboka amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera iarahan'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka ary ny Vaomieran'ny Lalàna handinika ny "Proposition de loi n 03-2019/PL relative à la Production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par Monsieur le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale", hatao ao amin'ny «Salle BP». Ny tolak'andro amin'ny 3 ora; asam-baomiera iarahan'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, hatao ao amin'ny «Salle BP» ihany koa.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro hanatrika ireo asam-baomiera ireo no namaranany ny teniny.

Niato tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny Mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona